S PV
CRA n° 66

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

## REPOBLIKA FAHAEFATRA

## FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

## FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
## TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

## LAHARANA FAHA-66

**FANDINIHANA FANINDROANY NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-001-2025/PL «SUR LA PRODUCTION ET LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY SUR LE TERRITOIRE NATIONAL MALAGASY» IZAY NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIAMIHAJA FANOMEZANTSOA YVES GEORGES, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'AMBOSITRA**

Fivoriana Faha-16
Natao ny
Tala 2 Desambra **2025**
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TSARADIA Marco

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa MAMIHAJA Charlot

**FOTOANA:** Talata 2 Desambra 2025, tamin'ny 3 sy 55 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» izay natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Geoges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Nitohy ny Talata 2 Desambra 2025, tamin'ny 3 sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa TSARADIA Marco, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Toliara no nitarika izany.

Rehefa niarahaba ny mpivory Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.
Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no nanatanteraka izany.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany taorian'izay ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba Tolo-dalàna.

Nanatontosa izany, Ramatoa RASOANIRINA Marcelline, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-5 Novambra 2025 tamin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana ary ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» izay natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Andriamatoa RANARIVELO Lucien, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Varotra; ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana ary ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana dia hita ao anaty tovana.

Tsy nisy tonga kosa ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nirosoan'izy ireo avy hatrany ny fandinihana ireo andininy miisa fito izay tsy niraisan'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona hevitra araka ny voafaritra ao amin'ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona dia miompana amin'ny ankapobeny ao amin'ny «Titre II: De la production du toaka gasy» raha ny andininy faha-4, faha-5, faha-6, faha-6 bis, faha-7 sy faha-9 no jerena sy ao amin'ny «Titre IV, Chapitre 1: des infractions», momba ny tontolo ara-ketra eo amin'ny andininy faha-26.

Novaina ho «fabrication» ny rijan-teny hoe «production» teo amin'ny andininy faha-4, andalana faha-2.

Ny Antenimierandoholona dia nanamarika fa tokony hampiana ny voambolana «d'implantation» na ny momba ny Fokontany na ny momba ny Kaominina manao famokarana toaka gasy ao amin'ny rijan-teny. Nampiana ihany koa hoe «avis conforme» ny rijan-teny izay avoakan'ny rantsana tomponandraikitra ary ny «autorisation» dia nampiana «autorisation d'exercice de l'activité». Ny farany, nitarina amin'ny Minisitera misahana ny Tontolo Iainana ny isan'ny mandrafitra ny komity manome ny «avis conforme» raha toa ka ireo tompondraikitra avy ao amin'ny Minisitera misahana ny Fahasalamana, ny Varotra, ny Filaminam-bahoaka ary ny Atitany ihany no voaresaka teo aloha, raha ny fanovàna ao amin'ny andininy faha-5, andalana faha-2 no jerena.

Natao nifanaraka tamin'ireo fanovàna voalaza tao amin'ny andininy faha-5 io ny andininy faha-6 sy faha-6 bis.

Fanovàna miisa 2 no nampidirin'ny Antenimierandoholona tao amin'ny andininy faha-7, izay hita ao amin'ny andalana voalohany sy faha-2: tafiditra ho isan'ny antony fampiatoana ny famokarana ny tsy fanajana ny tahan'ny alikaola ao amin'ny toaka gasy ary natsangana ny «Agence de Contrôle de la Sécurité Sanitaire et de la Qualité des Denrées Alimentaires (ACSQDA)» izay miandraikitra ny fitsirihana io tahan'alikaola voaresaka teo aloha io. Miaraka amin'ny Minisitera misahana ny Fahasalamam-bahoaka io «service» io. Ny fandikana ny fepetra avy amin'ny ACSQDA dia tafiditra ho sazy izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-26 izay milaza momba ny «infraction».

Ny andininy faha-9 bis (vaovao) andalana faha-2 dia andininy vaovao nentin'ny Antenimierandoholona. Mampiditra ny "manuel de procédure scientifique standardize" entina manampy ireo mpisehatra amin'ny toaka gasy mahakasika ny kalitaon'ny vokatra io fanovàna io.

Noho ny tsy fisian'ny fanamarihana sy fanontaniana dia niroso avy hatrany tamin'ny fandaniana ireo andininy avy any amin'ny Antenimierandoholona ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra:

| | |
|---|---|
| Andininy faha-4 andalana faha-2: | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-5 andalana faha-2: | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| Andininy faha-6 : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |

Andininy faha-6 bis : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-7 andalana voalohany
sy faha-2 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha-9 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
Andininy faha- 26 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Noho ny tsy fahatratrana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Varotra tamin'ny **endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ireo andininy avy amin'ny Antenimierandoholona** tao amin'ny Tolo-dalàna laharana faha 001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» izay natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Nanamarika Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa nisy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona tamin'ny tatitra ka tsara raha vakiana izany.

Toy izao izany fovàna izany:
- Ao amin'ny « Artile 4 » : Eo amin'ny andalana faharoa manao hoe : «le Laro utilisé dans la fabrication toaka gasy...» novain'ny Antenimierandoholona hoe: « le Laro utilisé dans la production.du toaka gasy...».

- « Article 5, alinéa 1: Toute personne..... », rehefa tonga eny amin'ny farany, «toaka gasy». Nesorina fotsiny ny farangososona. Lasa hoe toaka gasy fotsiny.

- « Article 5, alinéa 2 »:
« A cet effet, les personnes intéressées doivent faire une déclaration auprès du Fokontany….. ». Nampian'ny Antenimierandoholona hoe: « .....du Fokontany **d'implantatio**n pour enregistrement. Par la suite, la déclaration est transmise auprès de la Commune **d'implantation** qui n'émettra une autorisation **d'exercice de l'activit**é qu'après avis **conforme** d'une comité composé des représentants du service territorialement compétent en chargement de la santé publique, du commerce, de l'intérieur **et de l'Environnement**. En aucun cas, la commune ne peut refuser l'octroi de l'autorisation que à une avis défavorable dudit comité ».

- « Article 6 : Toute entreprise de fabrication artisanale........ », nampian'ny Antenimierandoholona hoe: « **Pour l'obtention de l'autorisation d'exercice**, toute entreprise de **production**....... Mitohy hatrany amin'ny farany ary ny teny hoe « fabrication » novainy ho **« production ».**

- «Article 6 bis”: La suspension et la retrait..........du toaka gasy relève..... ». Lasa toy izao : « La suspension et la retrait de l’autorisation en matière de production artisanale du toaka gasy **relèvent** de la compétence de la Commune d’implantation et **sur avis conforme du comité prévus à l’article 4 de la présente l**oi.
**Toute décision** doit être motivée.

- « Article 7- Le non-respect des conditions prévues à l’article 5 et 6 en cours d’exercice d’activité entraîne.......... retrait de l’autorisation ».

Lasa hoe :
« Article 7- Le non-respect des conditions prévues **aux articles** 5 et 6 en cours d’exercice d’activité, **le non-respect de la teneur en degré d’alcool entrainent** la suspension, ou le retrait de l’autorisation.

**L’Agence de Contrôle de la Sécurité Sanitaire et de la Qualité des Denrées Alimentaires (ACSQDA) auprès du Ministère de la Santé Publique sera chargée du test et du contrôle de la teneur en degré d’alcool du toaka gasy produit avant toute commercialisation ».**

Nampiany andalana farany ny : «article 9 bis (nouveau); - Il sera créé un manuel de procédure scientifique standardisé décrivant la procédure de production du toaka gasy afin de garantir sa qualité.

**Les modalités d’application du présent article seront fixées par voie réglementaire.**

TITRE V- DES INFRACTIONS, DE LEURS POURSUITE ET SANCTIONS
CHAPITRE 1
DES INFRACTIONS

- «Article 26- Toute personne qui se livre à la production du toaka gasy sans avoir l’autorisation délivrée par la Commune….est punie d’une amende de 10 000 Ariary par litre de toaka gasy fabriqué».

Nitondran’ny Antenimierandoholona fanovanà hoe :

- « Article 26 - Toute personne qui se livre à la production du toaka gasy **au delà de la teneur en degré d’alcool, après test effectué par l’Agence de contrôle de la Sécurité Sanitaire et de la Qualité des Denrées Alimentaires (ACSQDA) aupèrs du Ministère de la Santé Publiique**, sans avoir une autorisation délivrée par la Commune …est punie d’une amende de 10.000 Ariary par litre de toaka gasy produit **fabriqué »**.

TOVANA

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra tonga nivory :

Andriamatoa RANARIVELO Lucien
Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa
Ramatoa RASOANIRINA Marcelline

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalam-bahoaka sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana tonga nivory :
Andriamatoa ANDRIAMAMONJY Olivier

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga novory :
Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin

Ireo taknisiana nanatrika ny fivoriana :

| | |
|---|---|
| RAZANAKOTO Isidore | DG Commerce/MIC |
| RASOLONJATOVO Hasina Hobitiana | DAJ/MIC |
| RAHARINOSY Lantomalala | CESSC/MIC |
| RANDIANAMPY Hantamalala | MSANP |
| RAHARISOA Narindra | MSANP |
| ANDRIAMANANTSOA Ny Aina | MSANP |
| RAHARIVELO Mily | CT CIVA RASON |
| RAZAFIMANATSOA Nandrianina | CT CIVA RASON |

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RASOANIRINA Marcelline, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka, fa ny solotenan'ny Governemanta kosa nanao izany, ka Andriamatoa RASAMINANA Live Lucien avy amin'ny ACSQDA no nandray fitenenana.
Nambarany fa ny ACSQDA dia tsy « Service » araka ny hita ao amin'ny tatitra, fa « Direction » ao anatin'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka.

Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra intsony, taorian'izany.

Nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Geoges, rehefa izany, mba hanazava fohy mikasika ny Tolo-dalàna natolony.
Nomarihan'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa fandinihina fanindroany no atao amin'izao fotoana izao raha ny Tolo-dalàna no asiana resaka.

Toy izao no fanazavana nataon'ny Solombavambahoaka Mpanolotra ny Tolo-dalàna:
Iarahana mahalala fa efa fandinihana fanindroany araka ny voalaza teo no atao izao. Mazava ho azy fa efa nisy asam-baomiera sy fanatsarana momba ny Tolo-dalàna izay vao nolaniana izy ity.

Efa nisy ihany koa fanazavana natao tamin'ny fanolorana ny Tolo-dalàna teto anivon'Antenimierampirenena tamin'ny fandinihana azy voalohany. Taorian'izay, nalefa tany amin'ny Antenimierandoholona ary nitondra fanitsiana sy fanatsarana ihany koa izy ireo tamin'ny rijan-teny sasany. Ankehitriny, izao izy niverina eto izao. Araka ny voalaza teo aloha, nandalo asam-baomiera ihany koa, izay nohamafisin'ny tatitra novakiana teo.

Tsy vahiny amin'ity Tolo-dalàna ity intsony angamba ny Solombavambahoaka, satria entina hanalalahana ny famokarana sy fivarotana toaka gasy eto amin'ny tany sy ny Firenena no votoatiny. Izany hoe, natao mba hialana amin'ny gaboraraka ny fivarotana sy famokarana azy. Tsy maintsy apetraka koa ny arofanina mba ahafahana misehatra amin'ny ara-dalàna.

Ao anatiny koa ny fitandroana ny kolotsaina Malagasy izay entin'ny toka gasy, toy ny fanomezana lanja ny toaka gasy, ny fanatsarana ny kalitao ary indrindra fampiakarana ny vidiny eny an-tsena. Izany hoe, hisy ny fanarahana fenitra amin'ny famokarana toaka gasy, toy ny fametrahana rafitra eny ifotony tahaka ny solotenam-panjakana any an-toerana izay hiantoka ny fampiharana ity lalàna ity rehefa lany sao aman-tsara.

Hisy ny fametrahana fepetra ahafahana mampivelatra ny toaka gasy ho fanamafisana ny fampidiram-bola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana amin'ny resaka hetra any amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Ny fifehezana ny famokarana sy fivarotana ny toaka gasy araka ny teny natao tany aloha.

Hatao ny fiarovana sy fanentanana ny mpanjifa mba tsy hisotro toaka gasy raha toa ka mety hampidi-doza azy ireo izany. Izay no tena votoatiny sy fanazavana azo entina amin'ity Tolo-dalàna mikasika ny toaka gasy ity satria fantatra fa nisy ireo zoky izay efa nitondra azy teto amin'ny Antenimierampirenena saingy tsy maintsy nisy fanitsiana sy fanatsarana natao taty aoriana.

Napetraka ny «circuit de distribution» mba hisian'ny «traçabilité» hahafahana mapanara-dalàna an'ireo mpamokatra tsy manara-dalàna.

Zava-dehibe ihany koa ny fanentanana sy fanomezana fanofanana ny mpamokatra mba hahazoany vokatra tsara kalitao. Izany hoe, hatao ny fampanarahana kalitao na «normalisation»-n'ny toaka gasy vokarina eto an-toerana. Marihana fa efa nanao an'izay ny teo anivon'ny BNM, birao iray eto amintsika izay mandray an-tànana ny fanaraha-maso ny vokatra. Fatantra koa fa efa tafiditra amin'ny seha-piharian'ny tantsaha ny toaka gasy satria, maro ny vokatra fary hita any ambanivohitra rehetra any. Ny fary anefa no vokatra voalohany azon'ny tantsaha avadika ho toaka gasy. Tsara raha mba mahazo «valeur ajoutée» avy amin'ny famokarana an'izany izy ireo mba hitondra soa amin'ny fari-piainany ny famokarana ataony.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna tamin'ny fanazavana nomeny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, sady nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, raha misy tiany hambara mikasika ny Tolo-dalàna.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RAVELONJOHANY Lala, Tale avy ao amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana, nanamarika fa maro ny làlana nalehan'ity Tolo-dalàna mikasika ity toaka gasy ity. Efa nandalo tato amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny voalohany, efa nandalo tany amin'ny Antenimierandoholona ihany koa. Noho izany, raha ho an'ny Minisiteran'ny Varotra sy Fanjifana manokana, azo lazaina fa maro koa ny antoka ho an'ny mpamokatra sy mpanjifa toaka gasy entin'izao Tolo-dalàna izao. Nezahana ny nampifandray ny rijan-teny efa nisy teo aloha amin'izay voarakitra ao aminy amin'izao fotoana izao. Noho izany, mety raha miroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika azy ny olom-boafidy.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory. Nomarihany fa fandinihana fanindroany no atao momba ity Tolo-dalàna ity ka hiompana amin'ny fanitsiana nentin'ny Antenimierandoholona ny adihevitra satria talohan'izay, efa nolanian'ny Antenimierampirenena ihany izy ity.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, raha nomena fitenenana, nambarany fa manohana ny fanolorana ny Tolo-dalàna ny tenany. Mbola hanohana hatramin'ny farany amin'ny fandaniana azy koa izy. Efa nitety tany ambanivohitra rehetra tany izy, ka nahita ny fiainan'ny tantsaha, ka izay no ilazany izany fanohanana izany. Eo anatrehan'izay, mitaona ny namana handany ny Tolo-dalàna ny tenany.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin kosa nanambara fa anisan'ny foto-piveloman'ny vahoaka any aminy ny famokarana toaka gasy. Tsy azo amaivanina izy ity satria iankinan'ny kolotsaina Malagasy, miantoka ny fihariana ihany koa, ka izay no anohanana ny Solombavambahoaka teo aloha nanolotra azy. Amin'izao fotoana izao, mbola nohamafisin'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Geoges indray ny fanolorana sady nasiam-panatsarana.
Nanentana ny Solombavambahoaka namany ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna.

Andriamatoa RASAMINANA Live Lucien avy amin'ny ACSQDA kosa raha nandray fitenenana, fanamafisana ny handaniana ny Tolo-dalàna no nataony.
Nomarihany fa tany amin'ny asam-baomiera, anisan'ny niteny ny tenany hoe resaka «travaux de normalisation» no tokony hatao. Isaorana ny Solombavambhoaka avy any Ambositra nampiditra an'izay «normalisation» izay satria izany no fototra iray hanatsarana ny fanamboarana toaka gasy. Saika hita ao amin'ny andininy avokoa izany. Ao anatin'izay, tsy maintsy fehezina koa ny hahafahana misitraka ny atao hoe toaka gasy ara-pahasalamana.

Isaorana koa ny Mpampakateny satria voaresaka tamin'ny taitra ny ACSQDA izay mampiasa fitaovana sy teknolojia azo lazaina fa avolenta manao fanaraha-maso ara-pahasalamana sy ny kalitao momba ny hanina. Misy fitaovana raitra nivatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola mba ahafahana mitsirika ny «taux de methanol» ao anaty toaka izay voafaritra mazava tsara amin'ny alàlan'ny «cromatographie» mikasika ny «phase gazeuse» ampiarahana amin'ny «spectométrie de masse». Telo karazana ireo fitaovana ireo ary raitra tokoa araka ny voalaza teo. Amin'ny alàlan'izany no ahafahana mifehy ny resaka toaka gasy izay vokarina sy amidy eto an-toerana.

Rehefa tsy misy nanana fandraisam-pitenena intsony, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany, fa ny handraisana fanapahan-kevitra dia ireo andininy sasantsasany nasian'ny Antenimierandoholona fanitsiana sy fanovàna ihany. Nohamafisiny koa fa neken'ny Vaomiera avokoa ireo fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona ireo.

Andininy faha-4, andalana faha-2: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-4, andalana faha-2 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-5, andalana faha-2: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-5, andalana faha-2 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-6: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-6 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-6 bis: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-6 bis araka ny fanitsiana sy fanovana nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-7, andalana voalohany sy faha-2: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-7, andalana voalohany sy faha-2 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-9: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-9 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-26: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-26 araka ny fanitsiana sy fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Taorian'izay, nambarany ihany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andrimatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» izay natolotry ny Solombavambahoaka, ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Geoges voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Geoges, Mpanolotra ny Tolo-dalàna.
Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tonga nanatrika ny fivoriana nandany ny Tolo-dalàna natolony no nasetriny ny fahalanian'izany.
Fisaorana an'Andrimatoa Mpitarika fivoriana sy ny solotenan'ny Governemanta ihany koa tamin'ny fahatongavan'izy ireo teto amin'ny Antenimierampirenena,

Nohamafisiny fa maro ny tantsaha any ambanivohitra no mivelona amin'ny fanaovana toaka gasy. Efa ela noho izany izy ireo no nangetaheta ny fahalanian'izao Lalàna mikasika ny toaka gasy izao. Ankehitriny, rariny sy hitsiny raha ny vokatra malagasy no omena lanja eto amin'ny tany sy ny firenena ary enga anie mba hitondra fampivoarana eo amin'ny fiainan-tokantranon'izy ireo tsirairay avy ny famokarany toaka gasy. Ny antony, tsy misy firenena handroso raha toa marefo sy sahirana ny tantsaha eto amin'ny firenentsika.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin,ka nomena fitenenana.
Nambarany fa misy idiran'ny «normalisation» ihany ny teny holazainy; mba tiany hampidirina amin'ny fandaharam-potoana manaraka rehefa mivory ny Birao Maharitra mikasika ny famonjena lanonana any amin'ny Distrika misy ny Solombavambahoaka tsirairay. Izany hoe, tokony hohajaina ny resaka «protocole» satria mihatra izany rehefa mamonjy lanonana.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa voaray izay fangatahana izay ary horaisina an-tsoratra mba ahafahana mampiditra azy amin'ny fandaharam-potoana manaraka.

Nanao satroka koa Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina ary nangataka ny handikana amin'ny teny malagasy ny tatitra momba ny famokarana sy fivarotana toaka gasy satria maro ny malagasy any ambanivohitra no tsy mahay teny frantsay.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana; koa rahampitso Alarobia 3 Desambra 2025 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny «Salle BP".

Niato tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**